TATITRY NY FILANKEVITRY

NY MINISITRA

Talata 31 martsa 2026 - Lapam-panjakana Iavoloha

I. FAMPITANA AM-BAVA

MINISITERAN'NY FOLOALINDAHY + MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA + MINISITERA DELEGE MIADIDY NY ZANDARIMARIAM-PIRENENA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny tetikasa fanatsarana ny taha andavanandron'ny solon-tsakafo ankapobeny (*prime globale d'alimentation*) ho an'ireo miaramila manan-jo amin'izany.

MINISITERAN' NY ANGOVO SY NY AKORANAFO

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny tetikasa ivon-tocrana mpamokatra herinaratra mandeha amin'ny herin'ny masoandro misy vata mitahiry herinaratra (*batterie*) miaraka amin'ny Vondrona GRANVILLE/TEFLA.

MINISITERAN'NY HARENA AN-KIBON'NY TANY

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny fanombohana amin'ny fomba ofisialy ny fandrafetana ny tatitry ny fandravonana EITI ho an'ny taona 2024 sy 2025.

MINISITERAN'NY FIZAHANTANY SY NY ASATANANA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny fankatoavana ny fanovàna ny parc MIAMI any Toamasina ho "Tamatavy 501"

MINISITERAN'NY RANO, NY FANADIOVANA SY NY FIDIOVANA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ireo asa fametrahana ireo fantson-drano lehibe ao anatin'ny "*Programme Intégré d'Assainissement d'Antananarivo*" - Dingana faharoa (PIAA2)

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny fanohanana ara-bola ho an'ireo tanàn-dehibe eto Madagasikara ao anatin'ny fanadiovana sy fidiovana.

MINISITERAN'NY MPONINA SY NY FIRAISANKINA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ireo hetsika manoloana ny haintany any Atsimo, ny 06 hatramin'ny 12 aprily 2026.

MINISITERAN'NY TANORA SY NY FANATANJAHANTENA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny fangatahana fifanarahana sy fandraisana an-tanan'ny minisiteran'ny tanora sy ny fanatanjahantena ireo lalao ara-pirahalahian'ny ekipam-pirenena "BAREA A" an'i Madagasikara hifanandrina amin'i Kyrgyzstan any Turquie, ny 26 hatramin'ny 31 martsa 2026.

II. FANDRAISANA DIDIM-PANJAKANA

FIADIDIANA NY FANAVAOZANA NY REPOBLIKA

- Noraisina ny didim-panjakana mifehy ny fanokanana vonjimaika ireo fiara nogiazana.

MINISITERAN'NY ATITANY SY NY FITSINJARAM-PAHEFANA

- Noraisina ny didim-panjakana manova sy mameno ny andininy sasantsasany amin'ny didim-panjakana laharana faha 2009-890 tamin'ny 2 jolay 2009, manova sy mameno ny didim-panjakana laharana faha 2025-1246 tamin'ny 19 novambra 2025 sy ny didim-panjakana laharana faha 2025-646 tamin'ny 03 martsa 2026, mamaritra ny fandaminana, ny fampandehanana sy ireo andraikitry ny Fokontany.

III. FANENDRENA MPIASAM-PANJAKANA AMBONY

MINISITERAN' NY FITSARANA

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2023-192 tamin'ny 01 martsa 2023 ary manendry an'**Andriamatoa RABARISOA Andrianaina** ho "*Président du Conseil d'Etat de la Cour Suprême*".

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RANDRIANARIVONY Jean Honoré** ho « *Directeur de la Carrière des Magistrats (Chef de département) auprès du Conseil Supérieur de la Magistrature* ».

MINISITERAN' NY ATITANY SY NY FITSINJARAM-PAHEFANA

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2024-873 tamin'ny 11 aprily 2024 ary manendry an'**Andriamatoa RAMANANKIRAHINA Faly Hery** ho Prefen'i Morondava.
- Noraisina ny didim-panjakana manendry an-d**Ramatoa HANITRINIAINA Elys Karena** ho Lehiben'ny Faritra vonjimaika ao Vatovavy.
- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa PIKULAS Jonah Justin** ho Lehiben'ny Faritra vonjimaika ao Melaky.
- Noraisina ny didim-panjakana manendry an-d**Ramatoa RANDRIANASOLO Volatiana Pauline** ho Lehiben'ny Faritra vonjimaika ao Atsimo Atsinana.

MINISITERAN' NY FAMPIROBOROBOANA NY HAITAO ARA-KAJY MIRINDRA, NY PAOSITRA SY NY FIFANDRAISAN-DAVITRA

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-132 tamin'ny 05 febroary 2025 ary manendry an'**Andriamatoa RALAIARIMANANA Tsiry Elysée** ho Tale misahana ny Fampitaovana sy ny Fananam-panjakana eo anivon'ny Minisiteran'ny Fampiroboroboana ny Haitao Ara-kajy Mirindra, ny Paositra sy ny Fifandraisan-davitra.

MINISITERAN' NY MPONINA SY NY FIRAISANKINA

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-1766 tamin'ny 08 desambra 2025 ary manendry an-d**Ramatoa RAKOTONIRINA Miarisoa Patricia** ho Sekretera Jeneralin'ny Minisiteran'ny Mponina sy ny Firaisankina.
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2024-209 tamin'ny 07 febroary 2024 ary manendry an'**Andriamatoa ANDRIAMBOLATIANA Parson Pierre Marie Elio** ho Tale misahana ny Fananam-panjakana sy ny Raharaha Ara-bola eo anivon'ny Minisiteran'ny Mponina sy ny Firaisankina.

MINISITERAN' NY TANORA SY NY FANATANJAHANTENA

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2024-1988 tamin'ny 27 novambra 2024 ary manendry an'**Andriamatoa GASPARD Hariliva Brice** ho Sekretera Jeneralin'ny Minisiteran'ny Tanora sy ny Fanatanjahantena.

MINISITERAN' NY SERASERA SY NY KOLONTSAINA

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2024-768 tamin'ny 27 martsa 2024 ary manendry an'**Andriamatoa RAKOTOARIMANANA Tojonantenaina Jimmy** ho "Conservateur" ao amin'ny Ofisin'ny Rovan'i Madagasikara eo anivon'ny Minisiteran'ny Serasera sy ny Kolontsaina.

IV. FANAFOANANA FANENDRENA MPIASAM-PANJAKANA AMBONY

MINISITERAN'NY FAMPIANARANA AMBONY SY FIKAROHANA ARA-TSIANSA

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjankana laharana faha 2026-537 tamin'ny 05 febroary 2026 nanendrena ny « Coordonnateur National du Centre National des Oeuvres Universitaires ».

MINISITERAN' NY HARENA AN-KIBON'NY TANY

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-1346 tamin'ny 19 novambra 2025 nanendry ny Tale Iraisamparitra Matsiatra Ambony teo anivon'ny Minisiteran'ny Harena An-kibon'ny Tany.

MINISITERAN' NY FAMPIROBOROBOANA NY HAITAO ARA-KAJY MIRINDRA, NY PAOSITRA SY NY FIFANDRAISAN-DAVITRA

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2024-527 tamin'ny 06 martsa 2024 nanendry ny « *Directeur des Systèmes d'Information* » teo anivon'ny Minisiteran'ny Fampiroboroboana ny Haitao Ara-kajy Mirindra, ny Paositra sy ny Fifandraisan-davitra.

Antananarivo, 31 martsa 2026,

Rahajason Harry Laurent
Talen'ny Serasera
eo anivon'ny Fiadidiana ny Fanavaozana ny Repoblika